HERINANDRO FIARAHA-MIVAVAKA
HO AN’NY FIRAISAN’NY FIANAKAVIANA
3-9 SEPTAMBRA 2023

# *Fanalahidy* HO AN’NY SAINA SALAMA



FIANAKAVIANA MAHOMBY

Fiangonana Advantista
Mitandrina ny Andro Fahafito

# Votoatiny


3 ........................ **FAMPIDIRANA**

9 ........................ • ALAHADY
**MIHAZONA ERITRERITRA TSARA**

13 ........................ • ALATSINAINY
**FIDIO NY FANKASITRAHANA**

17 ........................ • TALATA
**FIDIO NY FITALANJONANA**

21 ........................ • ALAROBIA
**FIDIO NY HAFALIANA**

25 ........................ • ALAKAMISY
**FIDIO NY HALEMEM-PANAHY**

29 ........................ • ZOMA
**FIDIO NY FIADANANA**

33 ........................ • SABATA
**FIDIO NY HANANA FANANTENANA**

*Herinandro mifantoka amin'ny*

# FAHASALAMANA ARA-TSAINA MIABO

*ho an'ny fianakavianao*

*"Ataovy izay efa nianaranareo sy efa noraisinareo ary efa renareo sy efa hitanareo tamiko; ary ho aminareo ny Andriamanitry ny fiadanana."* – Fil. 4:9.

Fanandramana nahaketraka tokoa ny fisian'ny valanaretina COVID-19 ho an'izao tontolo rehetra izao. Olona maro, mpivady ary ankohonana maro no efa latsaka tanatin'ny fahakiviana tanteraka kanefa niezaka ihany koa ny hiarina teo amin'ny lafiny ara-batana, ara-pihetseham-po ary ara-panahy.

Ao anatin'ny toe-javatra toy izany, dia manantitrantitra i Paoly hoe: *"Mifalia mandrakariva ao amin'ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia"* – Fil. 4:4. Ao an'efitry ny tranomaizina i Paoly no manoratra ary takany mazava tsara fa rehefa misy ny fizahan-toetra eo amin'ny fiainana dia tsy mandeha amin'ny laoniny avokoa ny zavatra rehetra. Fantany anefa fa tsy misy toe-javatra izay tsy tongan'ny fanampian'Andriamanitra.

Ao amin'ny tontolo izay feno ahiahy sy tebiteby ary fahaketrahana, dia manolotra vahaolana ho an'ny mpino i Paoly. Tsy inona izany fa ny fiadanan'Andriamanitra. Ilaintsika amin'izao andro izao ihany koa izany tolotra izany. Tsy fiadanana araka izay iheveran'ny maro azy izany. Hoy i Paoly: *"Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy."* – Fil. 4:7. Marina fa eo ny fanampiana entin'ny siansa sy ny psikôlôjia, saingy mihoatra lavitra noho ny fidiran'ny olombelona an-tsehatra ny fiadanana avy amin'Andriamanitra. Io dia karazana fiadanana izay manohana ny olona mandritra ny fotoan-tsarotra mafy lalovany.

Raha mikolokolo toe-tsaina salama tsara isika eo amin'ny fiainana *"na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona mahitsy, na inona na inona madio, na inona na inona mahate-ho-tia (...) dia hevero izany (...) ary ho aminareo ny Andriamanitry ny fiadanana"* – Fil. 4:8,9.

Hiara-mandeha aminao Izy, hiresaka aminao ary hampahery anao mandritra ireo fotoana feno fihaikana. Mety tsy hiova ny toe-javatra misy anao, na dia azony atao aza ny hanova izany, saingy hanampy anao kosa Andriamanitra hanova ny fomba fiatrehanao ireo fisedrana mahazo anao.

Ny zavatra tokana izay azo antoka fa fantatsika dia izao, tsy ireo nanangana ny psikôlôjia môderna no namorona io karazana fiadanana io. Tsy psikôlôjia miabo io na koa fomba fisainana "new age" (Fombam-pivavahana sy foto-pinoana izay nitombo haingana teo amin'ny fiarahamonina tandrefana, izay miorina amina foto-kevitra sy petra-kevitra marobe eo amin'ny fandinihana ny trangan-javatra iray). Miainga avy hatrany avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra izany. Mitoetra ao amin'ireo mino izay voalazan'i Paoly ao amin'ny Fil. 4:4-9 izany. Rehefa mivavaka mantsy isika ary mampihatra ireo fitsipika mifehy ny saina momba ny fifaliana, ny fivavahana, ny fandinihan-tena, ny fankasitrahana ary ny fihazonana eritreritra tsara, dia ho lavitra antsika ny tebiteby sy ny fahaketrahana ary ireo hareraham-po hafa. Hanampy antsika hanana fahasalamana ara-tsaina mitondra soa tokoa izany.

Tena ilain'ny olona rehetra ny mihazona saina salama tsara. Rehefa voakolokolo eo anivon'ny fianakaviana izany, dia tombontsoa lehibe tokoa no entiny: fifandraisana tsara kokoa, fifankahazoana am-po, firaisam-po, mihena ny fifandirana, mitombo kokoa ny fahatokian-tena sy ny fifandeferana eo amin'ny mambran'ny fianakaviana. Tsy afa-misaraka amin'ny fahasalaman'ny vatana ny fahasalaman'ny saina. Rehefa manao lohalaharana ny fananana saina salama tsara ny fianakaviana, dia manjary ataon'izy ireo ho lohalaharana ihany koa ny fananana fahazarana tsara toy ny fatoriana amin'ny ora ara-dalàna, ny fanaovana fanazaran-tena matetika ary ny fanarahana fomba fisakafoana mahasalama. Ny ray aman-dreny na ny mpiahy ao an-tokantrano izay mihevitra ny fahasalaman'ny saina dia ohatra tsara ho an'ireo ankizy tezainy.

Karen Holford, izay mpandray anjara fototra tamin'ny famolavolana ity tari-dalana ho an'ny Herinandro fiarahamivavaka ho an'ny Fianakaviana ity, dia hizara amintsika ny fomba hahafahantsika mivelatra tsara isambatan'olona sy isam-pianakaviana. Mino izahay fa ho fanandramana ho antsika tsirairay izany rehefa avelantsika hitoetra ao am-pontsika ny fiadanana, ny fifaliana, ny fanantenana ary ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra.

Maranata,



*Willie sy Elaine Oliver*
*Filohan'ny Departemantan'ny Fiainam-pianakaviana*
*Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito*
*Foibe maneran-tany*



**Teny avy amin'i**
## Karen Holford,
**mpandray anjara fototra tamin'ny famolavolana ny tari-dalana**

Amin'ity taona ity, dia ny hampivelatra fahasalamana ara-tsaina miabo eo anivon'ny fianakaviana no hifantohana mandritra ny herinandro. Ho fanatanterahana izany, dia nofantenanay tamim-pitandremana tsara izay zavatra efa noeritreretinay ka niarahanay nifantohana kosa ny fihetseham-po miabo sy mahasalama ateraky ny fahaiza-mankasitraka, ny fitiavana ny kanto, ny fifaliana, ny hatsaram-panahy, ny fiadanana ary ny fanantenana. Tsy zava-baovao tsy akory ireo hevitra ireo! Tantarain'i Paoly ny fomba nampiasany ireo fihetseham-po miabo ireo mba hahatonga azy hahomby, na dia tany an-tranomaizina rômanina aza izy. I Jesôsy ihany koa dia nampianatra ny mpanara-dia Azy ho feno fankasitrahana, ho talanjona eo anatrehan'ny famoronana, hifaly amin'ny fiainana, ho tsara fanahy, hiaina fiadanana ary hanana fanantenana. Tonga i Jesôsy mba hanome antsika fiainana be dia be (Jao. 10:10), ka ny fifidianana fihetseham-po miabo dia fomba lehibe iray hahazoana ilay fitiavana sy fifaliana mahatalanjona be dia be avy Aminy.

*I Karen Holford dia Talen'ny Departemanta miahy ny Fiainam-pianakaviana sy ny Ankizy ary ny Vehivavy any amin'ny Diviziona Trans-Eorôpeanina. Efa niasa teo amin'ny sehatry ny fitsaboana amin'ny alalan'ny fampiasantena manokana aorian'ny aretina ara-batana sy ara-tsaina izy ary manana ny maripahaizana "master" amin'ny psikôlôjia, ny fanarenana ny fifandraisan'ny fianakaviana ary ny fahaiza-mitarika eo amin'ny sehatra kristianina. Manambady an'i Pasitora Bernie Holford izy ary monina ao Angletera izy ireo. Manan-janaka telo izy ireo ary zafikely telo. Tia manoratra izy, tia manao dia an-tongotra any amin'ireo ala any Angletera ary mizara ny fitiavan'Andriamanitra.*



# FIARAHA-MIVAVAKY NY MPIANAKAVY

*Inona izany? Nahoana no natsangana? Ary amin'ny fomba ahoana no hanatanterahana izany?*

**Nahoana no ilaina ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy?**

- Mampianatra ny zanatsika sy ny fianakaviantsika hiankohoka amin'Andriamanitra izany
- Mametraka an'Andriamanitra ho eo anivon'ny tokantranontsika
- Mampifamatotra ny fianakaviantsika
- Miaro ny ankizy sy ny ankohonantsika
- Mametraka ireo soatoavina ara-panahy

**Ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy dia:**

- Misy fifanakalozana
- Mikolokolo fahaiza-mitarika
- Fohy sy mampifantoka ny rehetra

**Ny fiaraha-mivavaky ny mpianakavy dia tsy:**

- lahateny lavabe feno fananarana sy fibedesana, na toriteny, na koa fanaovana fampiasana na hetsika an-tery
- fotoana fampiharana fitsipi-pifehezana na famaizana
- fialamboly

Ny fotoam-pivavahana dia fotoana izay anolorantsika fiderana sy fankalazana an'Andriamanitra. Amim-panajana sy fanetren-tena ary fankasitrahana no hitondrantsika ny fangatahantsika eo Aminy. Ao amin'ny Testamenta Taloha, dia natao sorona teo amin'ny alitara ny biby. Amin'izao fotoana izao kosa, dia ny fahafoizana ny fotoana sy ny tenantsika ihany no ilaintsika. Rehefa atambatsika amin'ny teny hoe fiankohofana ny hoe fianakaviana, dia ny mpianakavy izany no miara-miankohoka amin'Andriamanitra. Tombontsoa fanararaotra manokana ho an'ny ray aman-dreny io hifehezana ny zanany sy hampianarana azy ireo hivavaka amin'Andriamanitra. Miara-manokana fotoana isika mianakavy amin'io mba hanomezana voninahitra sy fanajana an'Andriamanitra ary hanekentsika Azy ho Tompo sy Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika sy ny tokantranontsika. Mampifamatotra antsika io fanandramana io ary mampanakaiky antsika bebe kokoa amin'Andriamanitra.

Ny fianakaviana tsirairay avy dia afaka manapaka ny amin'izay endrika tiany hitondrana ny fotoana fiarahan'izy ireo mivavaka sy izay fitaovana hampiasainy. Mety hisy famakiana andalan-tSoratra Masina ao, hira ary fiarahana mivavaka. Mbola misy fomba maro hafa koa anefa azo anatanterahina izany. Tokana ny fianakaviana tsirairay, koa dia azo atao tsara ny mampifanaraka izany amin'izay mety amin'ny fianakaviana tsirairay avy. Ny zavatra tokana tsy azo hovana dia ny hoe tokony hifantoka amin'Andriamanitra Mpahary sy Mpihazona ny taranak'olombelona isika amin'io fotoana io.

*"Isan-tokantrano dia tokony hisy fotoana voatendry hanaovana fanompoam-pivavahana maraina sy hariva. Tena ilain'ny ray aman-dreny indrindra ny manangona ny zanany ho eo aminy mialoha ny sakafo maraina, mba hisaotra Ilay Ray ao an-danitra noho ny fiarovany nandritra ny alina, (...) Rehefa tonga koa ny hariva, dia mbola hangoniny ho eo anatrehany indray izy ireo mba hisaotra Azy noho ny fitahiany nandritra ny tontolo andro."*

– Child Guidance, Ellen White, t. 520.

*"Tsy misy antony tsy tokony hanaovana ny fotoana fiaraha-mivavaky ny mpianakavy ho fotoana mahaliana sy mahafinaritra indrindra eo amin'ny fiainan-tokantrano. Tsy mahazo voninahitra Andriamanitra rehefa maimaina sy maha-monamonaina izany. Aoka ny fotoana fiarahan'ny mpianakavy mivavaka mba ho fohy sady feno fahavitrihana."*

– Child Guidance, Ellen White, t. 521.

*Miaraka amin'ny fanampian'*
*Andriamanitra, dia*

# MANAOVA SAFIDY

*ho an'ny ankohonanao*

Noharian'Andriamanitra araka ny endriny isika (Gen. 1:27). Midika izany fa ireo karazana fihetseham-po sy fahatsapana nomena antsika dia anisan'ny noforoniny ihany koa.

Amin'ity herinandro ity, dia antsoina ianao sy ny fianakavianao mba HIFIDY ny hanana fahasalamana ara-tsaina miorina amin'ny fanantenana. Asaina ianao hiverina handinika indray ireo fanandramana ara-Baiboly izay hahazoanao mianatra MIFIDY ny hanana eritreritra mahasalama miaraka amin'ny fitarihan'Andriamanitra.

Andraikitra lehibe nankinina tamintsika tsirairay avy ny tena (vatana) izay nomena antsika (1 Kôr. 6:19-20). Ampahany manan-danja eo amin'ny fiainantsika ny saintsika. MIFIDIANA ny hanao dingana mba hiaina amin'ny fahafenoany indrindra, na dia misy aza ny fahasarotana eo amin'ny fiainana. Homba anao mandrakariva i Jesôsy.



*Ny fomba fampiasana ity tari-dalana ity*

# IREO FIZARANA REHETRA AO AMIN'NY FANALAHIDY

*omena isan'andro*

**1. ANDALAN-TSORATRA MASINA**

Andalan-teny iray miaraka amin'ny fampiasana tsotra nefa mampavitrika ny saina mba hanampiana anao hitadidy izany sy hampihatra izany eo amin'ny fiainana

**2. FAMPIDIRANA**

Fampidirana ho amin'ny lohahevitra hodinihina sy ny antony hiheverana izany ho mahasoa antsika

**3. FOTOAM-BAVAKA SY FANDINIHAN-TENA**

Tantara fohy ho fampidirana amin'ny fotoam-bavaka sy ny fandinihan-tena ary natokana ho an'ny fianakaviana manontolo

**4. VAVAKA**

Miaraha-mivavaka, ka amin'io dia afaka mizara izay fanirian'ny fony ny tsirairay avy.

**5. FAMPIASANA**

Fampiasana tsotra maromaro mba hanampy eo amin'ny fananana fihetseham-po miabo eo amin'ny fiainan'ny fianakavianareo.

ALAHADY

# MIHAZONA ERITRERITRA TSARA



## *Andininy fototra*

*"Farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, (...) mendrikaja, (...) mahitsy,(...) madio,(...) mahate-ho-tia, (na)(...)tsara laza, raha misy hatsaram-panahy ary raha misy dera, hevero izany."* - Fil. 4:8

Soraty io andininy io mba hampahatsiahy anao hifantoka amin'ny eritreritra miabo.

**MANDINIKA NY ATAO HOE MIHAZONA ERITRERITRA TSARA**

Zava-dehibe ny eritreritsika. Mamolavola ny fihetseham-po, ny fihetsika, ny fifandraisana, ary ny fiainantsika ara-panahy ny zavatra eritreretintsika. Mety ho tototry ny tebiteby sy ny tahotra isika rehefa mifantoka amin'ny ahiahintsika, amin'ny toe-javatra

mikorontana sy mampalahelo mitranga amin'ny filazam-baovao, amin'ny fahadisoantsika sy ny tolona atrehintsika. Hisy fiatraikany amin'ny fitondran-tenantsika ireo fahatsapana mahery vaika ireo, ary mety hahatonga antsika hanao laharam-pahamehana ny filantsika manokana, ka tsy hihevitra izay ilain'ireo manodidina antsika.

Tena sarotra ny toerana nisy an'i Paoly fony izy nanoratra ny epistiliny ho an'ny Filipianina. Teo am-piandrasana ny fotoana hamonoana azy izy rehefa tao am-ponja. Amin'ny maha olombelona, dia azo inoana fa anisan'ny toe-javatra mampiady saina sy mampahory indrindra eo amin'ny fiainana izany. Kanefa feno fifaliana sy fanantenana ny taratasin'i Paoly. Mitanisa ny sasany amin'ireo tsiambaratelo nentiny niatrika tamin'ny fihetseham-po miabo io fihaikana goavana io izy ao amin'ireo andalan-teny famaranana. Eo anivon'ny andalan-teny no misy ilay andininy malaza nosoratany (Fil 4:8) izay mandrisika antsika hampifantoka ny saintsika amin'ny zavatra kanto, mahate-ho-tia, mahitsy, mendrika, madio ary manandratra.

Anio isika dia handinika ny fomba nahatanterahan'i Paoly izany, niaraka tamin'ny fanampian' Andriamanitra, sy ny hianarantsika misaina amin'ny fomba mahasalama toy izany koa.

### PAOLY TIA MIJERY MIABO (FIL. 4)

Nonina tao am-ponja i Paoly. Tsy noho ny hadisoana anefa no nahatonga azy hitoetra tao. Tao izy satria nilaza tamin'ny olona ny momba an'i Jesôsy, ary tsy tian'ny sasany izany. Tsy afaka nandeha tany amin'izay tiany haleha izy. Tsy afaka nanao izay tiany hatao izy. Tsy afaka nihinana izay tiany hohanina akory izy na nandeha hijery ny namany.

Tsy zava-mahafinaritra velively ny mitoetra ao am-tranomaizina. Tsy mahafinaritra sy mampahazo aina toy ny ao an-tranonao izany. Tsy maintsy nanao rojo vy i Paoly, nihinana mofo maina efa bobongolo, ary natory tamin'ny fandriana mafy. Hanao ahoana re ny fihetseham-ponao raha teo amin'ny toeran'i

**MIVAVAKA MIARAKA AMIN'NY TANANA MIVELATRA**

• Atao toy ny kaopy avokoa aloha ny tanan'ny rehetra, toy ny hoe mihazona ireo ahiahiny eo an-tanany avy.

• Miderà an'Andriamanitra noho fitiavany.

• Misaora Azy fa afaka manolotra Azy ny ahiahintsika rehetra isika, satria tia antsika Izy.

• Ampidino ny tanana ka arotsahy ao an-tanan'Andriamanitra ny fanahiana rehetra.

• Misaora an'Andriamanitra fa Izy no hiahy ireo manahirana ny sainareo.

• Asandrato sady arosoy eo aloha ny tananareo toy ny hoe handray zavatra.

• Angataho ny fiadanan'Andriamanitra ho solon'ny fanahianareo rehetra.

• Misaora an'Andriamanitra noho ny fanomezany ny fiadanana.

• Amena



Paoly ianao e? Malahelo, manirery, tezitra, kivy, matahotra? Azo inoana fa nahatsapa ny sasany tamin'ireo izy indraindray. Fantatr'i Paoly anefa fa nanana safidy izy, ka na dia mafy aza ny fiainany, dia nisafidy ny hanana fanantenana sy ho sambatra izy. Fantany fa tia azy i Jesôsy, ary nikarakara azy, ka inona indray moa no tsara kokoa mihoatra noho izany? Efa niatrika fotoan-tsarotra i Paoly taloha ... vaky sambo, kapoka, eny kaikitra bibilava aza! Nianarany fa ny mety atao indrindra amin'ny toe-javatra sarotra dia ny mieritreritra zavatra kanto sy mahate-ho-tia ary madio, satria i Jesôsy no hamadika ny zavatra rehetra ho tsara indrindra amin'ny farany.

Indraindray isika dia mihevitra fa tonga ho azy ao amintsika ny fihetseham-po, ary tsy misy azontsika atao amin'izay fahatsapantsika. Saingy, na dia eo amin'ny toe-javatra sarotra aza anefa isika, dia afaka mifidy ny hieritreritra izay zavatra mahafaly antsika! Mety ho hafahafa izany, nefa mandaitra!

Nanapa-kevitra ny hankasitraka ireo fitahian'Andriamanitra teo amin'ny fiainany i Paoly. Nisafidy ny hieritreritra zavatra kanto toy ny voninkazo sy ny biby mahatalanjona izay noforonin'Andriamanitra izy. Na dia tamin'ny andro sarotra aza, dia nieritreritra ireo fahatsiarovany mahafaly sy mahatsikaiky izy ... Nisafidy ny ho tsara fanahy tamin'ny mpiambina sy ny voafonja hafa izy mba ho hitan'ny rehetra ny fitiavan'Andriamanitra mamirapiratra eo amin'ny fiainany. Ary isaky ny misy mampanahy azy, na inona izany na inona izany, dia mivavaka izy ary atolony an'Andriamanitra izany mba hokarakarainy.

Nahita fomba mahasambatra amin'ny fomba mahagaga tao anatin'ny toe-javatra tena sarotra i Paoly. Nosoratany tao amin'ny taratasy ho an'ireo namany tany Filipy avokoa ireo tsiambaratelon'ny fahasambarana manokana avy aminy, ary hatreo dia nisy olona hafa nampiasa ireo tsiambaratelo ireo mba hihazonan'izy ireo ny eritreriny ho sambatra ihany koa.

Rehefa malahelo sy manahy ianao amin'ny manaraka, dia tsarovy ny halehiben'ny fitiavan'i Jesôsy anao. Alao sary an-tsaina i Jesôsy mamihina anao mafy sy miteny zavatra mampahery. Avy eo dia mifidiana iray amin'ireo tsiambaratelo manokan'i Paoly izay hanampy amin'ny famerenana eritreritra mahafaly kokoa ao an-tsainao.

Misy zavatra mampanahy anao ve? Misy eritreritra manelingelina manodidina ny lohanao toy ny fanenitra ve? Sambory toy izao izy ireo (fihetsika misambotra bibikely eny an-tananao) dia akombony ny tananao hivavaka ary atolory an'Andriamanitra izany rehetra izany, tahaka izao ... (Ataovy izao vavaka manaraka izao).

## FAMPIHARANA: MIHAZONA ERITRERITRA TSARA

### MAHOMBIAZA! MANAOVA SAFIDY TSARA, MANÀNA FISAINANA TSARA, MANÀNA FIAINANA TSARA, MITOMBOA TSARA!

**Inona no manahirana ny sainao?**

• Hetezo hanana endrika bibikely « coccinelle » maromaro ny taratasy.

• Soraty ao ambadika ny iray amin'ireo ahiahinao.

• Mitadiava andininy iray ao amin'ny Baiboly izay afaka hanampy anao amin'ny fihaikana atrehinao.

• Avadiho ilay taratasy ary soraty eo ilay andininy ao amin'ny Baiboly

• Isaky ny misy zava-baovao mampanahy anao dia manamboara "coccinelle" vaovao miaraka amin'ny andininy vaovao.

## Afisy ho an'ny eritreritra miabo

Manaova afisy lehibe hametrahana ireo eritreritra mitondra fifaliana. Soraty anatina faritra boribory ny eritreritra tsirairay mitondra hafaliana. Azonao hetezana avy amin'ny taratasy samihafa loko izany mba hahatonga ny afisy ho mamiratra sy mitondra fifaliana.

• Voahodidin'ny fitiavan'Andriamanitra aho

• Manokana aho eo imason'Andriamanitra

• Navelan'Andriamanitra heloka aho

• Afaka manao zavatra tsara aho satria nanome ahy fanomezam-pahasoavana manampy ny hafa ny Fanahy Masina

• Afaka mitondra fiovana tsara eo amin'izao tontolo izao aho amin'ny mahafitahiana ny hafa ahy

• Na inona na inona mitranga dia miaraka amiko mandrakariva i Jesôsy.

• Ampio eritreritra tsara hafa isaky ny mahita ianao.

## Boaty misy teny fikasana

Miaraha manamboatra boaty fasiana teny fikasana.

• Mitadiava boaty na haron-kely mahafatifaty fasiana fanomezana

• Soraty amin'ny karatra kely maromaro ireo teny fikasana tianao indrindra

• Tehirizo ao antin'ilay boaty na haron-kely izany ary ampio isaky ny mahita avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ianao.

## Bokotra mpamerina indray 'Reset'

Rehefa tototra na tsy miasa tsara intsony ny milina na solosaina dia matetika misy bokotra mpamerina indray 'reset' tsindriana. Rehefa manindry io bokotra io ianao, dia misy zavatra mitsahatra tsy miasa vetivety na 'matory'. Hiverina hiasa tsara indray anefa ny solosaina avy eo.

• Mitadiava zavatra hatao 'bokotra mpamerina indray' ho an'ny fianakavianao. Mety ho bokotra be avy amin'ny akanjo tonta izany. Na mety ho sarona tavoahangy plastika miloko marevaka ...

• Rehefa misy olona iray mahatsiaro difotra anaty eritreritra sarotra, dia afaka manindry ny bokotra izy ary mipetraka tsimoramora aloha, mivavaka mba hamahan'Andriamanitra ny eritreriny feno fikorontanana.

ALATSINAINY

# FIDIO NY FANKASITRAHANA



## *Andininy fototra*

*"Misaora amin'ny zavatra rehetra."* - 1 Tes 5:18

Soraty amin'ny taratasy fotsy io andininy io. Haingoy amin'ny teny na sary ny takelaka ho fanehoanao fankasitrahana ny amin'ity herinandro ity.

## MANDINIKA MANOKANA NY FANKASITRAHANA

Fantatrao ve fa mahasoa anao ny filazana hoe 'Misaotra!'? Manampy anao hivelatra sy hahatsiaro ho sambatra izany! Tsy afaka manahy sady misaotra ao anatin'ny fotoana iray ny atidohanao, noho izany ny fisaorana dia mampiala sasatra ny atidohanao amin'ny fanahiana.

Fantatrao ve fa rehefa misaotra olon-kafa ianao dia mahafaly anao izany ary toy izany koa ilay olona isaoranao? Rehefa mankasitraka ny hafa ianao ary misaotra azy noho ny fanampiany anao, dia kely kokoa ny mety hampifamaly anareo.

Tsy mitaky antsika hisaotra Azy Andriamanitra, kanefa tiany ny hanaovantsika izany. Isan'andro dia manao zava-mahagaga an'arivony maro ho antsika tsirairay avy Izy. Matetika anefa no tsy mahamarika ireny akory isika ary mazàna tsy misaotra ny amin'ireo fanomezana tsara rehetra omeny antsika. Fa rehefa manao izany isika, dia fantatr'Andriamanitra fa hitahy antsika izany, ary hanampy antsika hisaina amin'ny fomba mahasambatra sy mahasalama.

Arakaraka ny andinihantsika bebe kokoa izay ataon'Andriamanitra sy arakaraka ny isaorantsika Azy noho ireo zavatra ireo, no vao mainka hahatsapantsika ny fitiavany mahagaga sy ny fifaliana tiany hiainantsika.

## FISAORANA MITAFOTAFO!

(JAO. 12 / FIL. 4)

Nientanentana i Maria! Tsara fanahy taminy i Jesôsy, ary tiany mihoatra noho ny olona hafa rehetra eran'izao tontolo izao! Efa namela azy tamin'ny fahadisoana rehetra nataony teo amin'ny fiainany Izy! Tia azy mihoatra noho izay nitiavan'ny hafa rehetra Izy. Navelany hipetraka teo an-tongony mihitsy aza izy mba hihaino ny fampianarany, tamin'ny fotoana tsy mba nampirisihana ny ankizivavy hianatra. Niara-nihomehy sy niara-nitomany taminy i Jesôsy, eny, nanangana an'i Lazarosy anadahiny tamin'ny maty Izy!

Feno hafaliana i Maria noho ny fomba rehetra nitiavan'i Jesôsy sy nitahiany azy. Nandre an'i Jesôsy nilaza fa ho faty tsy ho ela izy, ary koa handeha. Nalahelo izy nandre izany zavatra izany, ary naniry hisaotra an'i Jesôsy tamin'ny fomba miavaka indrindra talohan'ny nahafatesany. Tsy fantany anefa izay tokony hatao. Dia nanana hevitra mahagaga izy! Nitondra ranomanitra lafo vidy iray tavoahangy izy izay naidiny tamin'ny lohan'i Jesôsy sy ny tongony, raha nipetraka teo amin'ny fanasana iray Izy. Fomba tena tsy

**VAVAKA FANKASITRAHANA**

- Mifidiana olona iray hanonona ny litera tsirairay ao amin'ny abidy.
- Rehefa avy eo dia samia manonona zavatra iray fara fahakeliny, izay mahavelom-pisaorana azy, ka miantomboka amin'izay litera voatonona.
- Jereo hoe firy ny zavatra azonao isaorana an'Andriamanitra ao anatin'ny 10 minitra tamin'ny alalan'ilay abidy fankasitrahana!
- Mety koa raha mividy irony boky kely fasiana adiresy manaraka abidy irony ianao ary manoratra ireo hevitra mahafeno fankasitrahana anao ao amin'ireo fizarana samihafa.



mahazatra nilazana hoe 'misaotra' izany, saingy fantatr'i Jesôsy ny tian'i Maria holazaina, ary nahafaly Azy tokoa ny fankasitrahany. Na dia tsy fantatr'i Maria tsara aza izay hanjo an'i Jesôsy, dia naniry haneho Aminy izy fa nankasitraka ny fitiavany sy ny sorona hataony.

Tany an-tranomaizina i Paoly. Fantany fa ho tavela any izy mandritra ny androm-piainany sisa, ary fantany koa fa ho faty tsy ho ela izy. Mety ho nalahelo sy nanahy ary natahotra mafy izy. Kanefa fantany fa tsara sady tia azy Andriamanitra Rainy, ary momba azy mandrakariva. Noho izany, raha tokony hitebiteby izy, dia nisafidy ny hisaintsaina momba ireo fanomezana tsara avy amin'Andriamanitra izay nahatonga azy ho faly. Nanoratra taratasy ho an'ireo namany tany Filipy izy ary nilaza tamin'izy ireo ny 'tsiambaratelon'ny' fahasambarana sy fiadanana teo amin'ny toerana sarotra nisy azy.

Na dia tao amin'ny fonja maharikoriko aza i Paoly, dia nisaotra an'Andriamanitra isan'andro izy satria fantany fa tsara mandrakariva Andriamanitra, ary nanao zavatra manokana hatrany mba hanehoana ny fitiavany azy.

Afaka mamaky ny sasany amin'ireo 'tsiambaratelon'ny fahasambarana' nananan'i Paoly ianao ao amin'ny Fil 4:4-8. Nidera an'Andriamanitra tamin'ny zavatra rehetra izy. Tsara fanahy tamin'ny hafa izy. Natolony an'Andriamanitra ny ahiahiny ary nisaotra Azy izy. Nisafidy ny hieritreritra zavatra tsara sy mahafinaritra izy.

Raha tonga ao an-tranonao i Jesôsy anio, ahoana no hisaoranao Azy noho izay rehetra nataony taminao? Hanosotra ranomanitra ny tongony ve ianao, sa hanao aminy hoe 'misaotra' amin'ny fomba hafa mahafinaritra?

## FAMPIHARANA: MANANDRANA NY FANKASITRAHANA

**MAHOMBIAZA! MANAOVA SAFIDY TSARA, MANÀNA FISAINANA TSARA, MANÀNA FIAINANA TSARA, MITOMBOA TSARA!**

### Karatra fisaorana an'Andriamanitra

• Mifidiana fitaovana fanaovana asa tanana tsara indrindra ary manaboara karatra fisaorana an'Andriamanitra.

• Na dia tsy afaka mandefa izany any Aminy aza ianao, dia ho hitany izany ary hahafaly Azy izay nataonao sy nosoratanao satria zanaka sarobidy Aminy ianao.

### Fankasitrahana feno loko

• Manamboara boky kely amin'ny taratasy miloko.

• Ampifanaraho amin'ny lokon'ny avana ny pejy tsirairay, ary ampio loko volontany, mainty ary fotsy.

• Mitadiava sarin'ireo zavatra samihafa tianao hisaorana an'Andriamanitra avy amin'ny gazety boky miloko na ataovy sary izany.

• Hetezo ireo sary ary apetaho ao amin'ny pejy ho tonga bokin'ny fankasitrahana maro loko.

• Azonao atao fanomezana mahafinaritra ho an'ny olona mahatsiaro malahelo na manirery izany.

**Hetsika fankasitrahana**

• Rehefa mahatsiaro vizana sy kizitina ianao, dia miatoa kely ka mieritrereta zavatra 10 farafahakeliny mahavelom-pankasitrahana anao.

• Mipetraha isaky ny efitra ao an-tranonao ary misaora an'Andriamanitra ny amin'ny zavatra 10 farafahakeliny tsy mbola nisaoranao Azy teo aloha.

• Isaky ny mandeha an-tongotra ianao, na mitondra fiara, na mandeha fiara fitateram-bahoaka na hafa, dia misaora an'Andriamanitra hatrany amin'ny zavatra tsirairay mifandimby hitanao manodidina anao.

• Mitenena tampoka hoe 'Fotoana Fankasitrahana!' dia aoka ny rehetra samy hilaza eo no ho eo ihany, zavatra 3 izay maha-feno fankasitrahana azy.

• Manamboara tabilao fankasitrahana ary mifandefasa hafatra 'fisaorana', valim-bavaka, sarin'ny zavatra maha-feno fankasitrahana anao, ary andininy ao amin'ny Baiboly voaravaka momba ny fisaorana.

TALATA

# FIDIO NY FITALANJONANA



*Andininy fototra:*

*"Tsy misy tahaka Anao, Tompo ô (...) Fa lehibe Hianao ka manao zava-mahagaga; Hianao irery ihany no Andriamanitra."*- Sal. 86:8,10

Mitadiava sarin'ny natiora izay ahitana lanitra mazava tsy misy rahona. Soraty eo amin'ny lanitra ny toko sy andininy mba hanaovana petadrindrina momba ny fitalanjonana.

## MANDINIKA MOMBA NY FITALANJONANA

Ny fitalanjonana no fihetseham-po mahavariana izay tsapantsika rehefa mahita avana isika, rehefa mijery ireo kintana, rehefa mandinika ny tsipirian'ny endriky ny voninkazo na hazo iray, na koa mipetraka amim-pahanginana mba hijery bibidia anankiray.

Isaky ny mijery ny natiora amim-pitalanjonana isika, dia mameno antsika amin'ny fifaliana mitondra hazavana sy hafanana izany, ary koa mampanakaiky antsika amin'Andriamanitra. Ny fitalanjonana dia fanomezana manokana avy amin'Andriamanitra, izay nampiarahiny tamin'ny zava-tsoa maro ho antsika! Mampihena ny rarintsaina ao anatintsika izany ary mampiadana ny fitepon'ny fo; mampiato ireo tebiteby ao an-tsaintsika izany ary manampy antsika hahari-pery eo am-piatrehana ireo fihaikana maro eo amin'ny fiainana. Mampirisika antsika hamoron-javatra ny fitalanjonana, mandrisika antsika hanao ezaka hahatrarana ny fahatsarana fara-tampony, ary mahatonga antsika hanana fiantrana sy hahay mipetraka amin'ny toeran'ny hafa sy halala-tanana koa aza.

Nofenoin'Andriamanitra zava-mahatalanjona marobe eto amin'ity tontolo ity mba hanehoana amintsika ny Fitiavany. Manantena Izy amin'izany fa hampiato ny firotorotoana isika mba hahitantsika ireo zavaboariny mahavariana sy handinihantsika ireo tsipiriany madinika indrindra amin'izany. Fantany mantsy fa rehefa manao izany isika dia hanentana antsika hidera Azy amin'ny fo izany, sy hampihena ny tebitebintsika, ary hanampy antsika halemy fanahy kokoa sy hanana fangorahana bebe kokoa, raha eo am-pitomboana ho amin'ny fanahafana Azy isika.

## AZA MANAHY! ANDRAMO NY FITALANJONANA!

**(Mat. 6)**

Nijery ireo vahoaka marobe i Jesôsy. Reraka, feno tebiteby sy rarintsaina, nalahelo ary trotraky ny fiainana izy ireo. Feno fangorahana azy ireo ny Fony. Nibahana tao an-tsain'izy ireo loatra ny adim-piainana isan'andro ka zara raha nanana fotoana hieritreretana momba an'Andriamanitra sy ny haben'ny fitiavany sy ny fiahiany azy izy. Raha mba fantany mantsy

### VAVAKA MIKASIKA NY FITALANJONANA

• Manangòna karazan-java-maniry tsara tarehy ary alaharo eo ambony latabatra izany. Na mandehana any amin'ny toeram-pitsangantsanganana miaraka amin'ny fianakavianao ka manangòna zava-maniry tsara tarehy izay latsaka eny amin'ny tany, amin'izay ianao tsy hanimba na dia zava-maniry anankiray aza.

• Asao ny tsirairay hifidy zava-maniry iray ary hilaza ny zavatra mahatalanjona azy mikasika izany zava-maniry izany. Miaraha-midera an'Andriamanitra amin'ny vavaka fohy feno fitalanjonana mba hankalazana ny famoronana nataony.



ny halehiben'ny fitiavana azy sy ny fiezahan'Andriamanitra mikarakara azy, hoy ny eritreritr'i Jesôsy.

Nanan-javatra betsaka holazaina amin'izy ireo momba an'Andriamanitra sy momba ny fiainana i Jesôsy. Niriny ny hanome an'ireto vahoaka ireto zavatra izay hampahatsiahy azy ireo mandrakariva ny amin'ny fiahiana feno fitiavana ataon'Andriamanitra. Niandrandra Izy ary reny ireo voromanidina nisitsioka teny amin'ny habakabaka. Nisy voninkazo dia tsara tarehy manodidina ny tongony ...

“Jereo ireo voronkely ireo” hoy i Jesôsy. “Diniho izy ireo. Jereo fa manome hanina ho azy Andriamanitra ary mikarakara azy. Sarobidy Aminy mihoatra lavitra noho ireo voronkely ireo ianareo.” Nisy tsintsina nanidina nankeo amin'ny tany ary nitsindroka voan-javatra. “Ary jereo ange ireto voninkazo ireto!” hoy Izy nanondro ireo marigirity sy ny kôkelikô izay mora malazo. “Malefaka ny felany ary tsara tarehy tokoa! Ary ilay Rainareo izay nanafy azy tamin'ny fitafiana tsara tarehy no hanao izay hahazoana antoka fa hanana izay hotafiana mandrakariva ihany koa ianareo. Koa aoka ianareo tsy hanahy ny amin'ireo zavatra ireo. Tena tia anareo tokoa Andriamanitra! Sarobidy Aminy loatra ianareo ary fantany avokoa izay ilainareo isan'andro isan'andro!”

Taona maro talohan'izay, dia hitan'i Davida fa mahatalanjona ny mijery ny lanitra amin'ny alina. Raha nipetraka teo amin'ny havoana izy ary niandry ireo andian'ondriny, dia hitany ny volana mitarehim-bolafotsy ka nameno ny fony tamin'ny hira izany. Feno fitalanjonana izy teo anatrehan'ireo kintana rehetra namirapiratra teo ambony lohany, ary tsaroany fa mahatalanjona ny masoandro amin'ny andro. Nanoratra hira mihitsy izy mahakasika izany fitalanjonany izany, azonao vakina ao amin'ny Sal. 8 izany. Talanjona izy fa Ilay Andriamanitra izay namorona ireo zavatra goavana sy tsara tarehy ireo dia mihevitra ihany koa ny momba ny taranak'olombelona izay bitika tokoa.

Namorona ny zavatra tsara tarehy rehetra teto an-tany Andriamanitra mba hanehoana amintsika ny halehiben'ny fitiavany sy ny fiheverany antsika. Ny tsirairay avy amin'ny voary mahagaga nohariany: ny hazavana, ny rano, ny voninkazo, ny hazo, ny voankazo, ny legioma, ny voan-javatra, ny kintana marobe, ny volana, ny masoandro, ireo planeta, ny trondro, ny vorona, ary ny biby marobe, dia nataony mba hitondrana fifaliana ho antsika. Fanomezana ho anao ny tsirairay avy amin'ireny. Isaky ny mahita anankiray amin'ireo zava-mahatalanjona nataon'Andriamanitra ianao, dia miatoa ary manokàna fotoana kely handinihana tsara izany. Jereo ny tsipiriany bitika indrindra izay tsy mbola hitanao hatrizay, jereo ny nikalian'Andriamanitra ireo felam-boninkazo, ny ravina eny amin'ny hazo anankiray, ireo lolo marobe, ny vorona, ary na ny legioma eo am-bilianao aza. Ny tsipiriany tsirairay dia mampahatsiahy antsika fa mihevitra momba ny tsipiriam-piainantsika koa ilay Raintsika.

Isaky ny mitebiteby noho ny amin'ny zavatra iray ianao, dia alao sary an-tsaina hoe mametraka ny tebitebinao eo an-tanan'Andriamanitra ianao, dia ireo tanana izay namorona ireny zava-mahatalanjona rehetra ireny ho fanomezana ho anao noho ny fitiavany. Manokàna fotoana hijerena ny anankiray amin'ireo zavaboariny, dia ho hitanao amin'izany ny fomba mahatalanjona ikarakarany anao. Rehefa izay dia ho hitanao fa hiova ho fitalanjonana ireo tebiteby sy ahiahinao.

# FAMPIHARANA: MIAINA NY FANANDRAMAN'NY FITALANJONANA

## MAHOMBIAZA! MANAOVA SAFIDY TSARA, MANÀNA FISAINANA TSARA, MANÀNA FIAINANA TSARA, MITOMBOA TSARA!

**Harona feno zava-mahatalanjona**

- Manangòna zavatra tsara tarehy izay tsy atahorana hampidi-doza, ary alaharo hanana endrika mahafinaritra ny akorandriaka, ny vatokely, ny hazokely, ny voan-javatra tsy misy poizina, ny volom-borona, sns, ataovy anaty harona na vilia fisaka izany.
- Diniho tsara ny tsirairay avy amin'ireo. Ataovy lisitra ny zava-mahatalanjona mikasika izany: ny firindrany, ny endriny, ny rafitra namoronana azy, ny lokony.
- Ampiasao ireo zavatra nangoninao ireo mba hampahatsiahy anao ny amin'ny famoronana mahatalanjona nataon'Andriamanitra. Ampio zava-baovao ireo rehefa mahita ianao.

**Tanana mahatalanjona!**

"*Hidera Anao aho; fa mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana ahy; Mahagaga ny asanao*."- Sal. 139:14

- Mahagaga ny vatanao ary mahatalanjona ny fomba nanaovana azy.
- Jereo ny tananao ary diniho ny fomba fihetsehany.
- Mieritrereta zavatra 30 mahavariana azon'ireo tananao atao!
- Derao Andriamanitra noho ny amin'ireo tananao, ary misaora Azy noho ny amin'ireo zavatra tianao ny manao azy amin'ny tananao mba hitondrana fitahiana ho an'ny hafa.

**Fampiharana mikasika ny fitalanjonana**

- Isan'andro, mitadiava zavatra mahatalanjona nataon'Andriamanitra, ary piho sary izany na alao sary an-tsaina, na koa ataovy sary amin'ny penisilihazo na penina izany, na manorata fehezanteny mikasika izany ao amin'ny diary fandraketan'ny fianakavianao ny zava-mahatalanjona. Jereo avokoa ny tsipiriany rehetra momba izany zavaboary izany ary aoka ianao ho talanjona noho ny fahaizana mahagaga ananan'Andriamanitra momba ny zava-kanto.
- Resaho ny amin'ireo fotoana nahitanareo zava-mahatalanjona nandritra ny fiarahana misakafo. Azonareo atao koa aza ny mijery ny zava-mahatalanjona eo amin'ny endriky ny voankazo sy ny legioma izay ohaninareo. Amboloy izany, tsapao, andramo ny tsirony, ary jereo ny fomba namoronana azy.
- Miovaova tsy miato ny habakabaka, tahaka ny hosodokorano lehibe. Jereo ny hatsaran-tarehiny. Na mivoaha any ivelany ka miaraha mijery ny lanitra amin'ny alina. Aoka ianao ho feno fitalanjonana eo anoloan'ny fidadasik'izao tontolo rehetra izao.
- Jereo amim-pitalanjonana ny olona tsirairay mifanena aminao. Naforonina araka ny endrik'Andriamanitra ny olona rehetra, izany no mahatonga ny tsirairay ho olona manokana!

ALAROBIA

# FIDIO NY HAFALIANA



## Andininy fototra:

*“Mifalia mandrakariva amin’ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia.”*- Fil. 4:4

Ataovy hira io toko sy andininy io ka izay feon-kira tena hainao no ataovy feony na miezaha mihira izany amin’ny feon-kira falifaly

## MANDINIKA MOMBA NY HAFALIANA

Ny hafaliana dia ny fahasambarana mamy tsapantsika rehefa mahatsapa fiadanana sy fahafaham-po isika. Rehefa miaina ny fanandraman’ny hafaliana isika dia mahatsapa ho mahazo aina hatrany an-doha ka hatrany am-paladia. Karazam-pifaliana hafa koa ny fihomehezana. Mety hihomehy isika rehefa misy zavatra mampihomehy na mahafaly, na koa rehefa gaga ny amin’ny zava-mitranga tampoka anankiray. Misy fotoana ihomehezantsika satria mahatsiaro ho faly tsotra izao isika!

Mahasoa antsika ny hafaliana! Hoy i Sôlômôna: "*Ny fo ravoravo mahasalama tsara*"- Ohab. 17:22. Miaro antsika tsy ho tototry ny fihaikana marobe eo amin'ny fiainana ny hafaliana. Misy fotoana izay ahatsapantsika alahelo lalina ka hadinontsika ny mankafy ireo zavatra mahafaly antsika. Rehefa mifidy ny hanana fanandramana mahafaly ao anatin'ny fotoana mampalahelo antsika isika, dia mitondra fitsaharana izay tena ilaina tokoa ho an'ny fontsika izay mavesatra izany.

Tian'Andriamanitra ny mahita ny zanany finaritra ao anatin'ny tontolo izay nohariany ho azy ireo. Nahafinaritra an'i Jesôsy ny nitondra fifaliana ho an'ireo ankizy notsofiny rano, ary koa ho an'ireo izay nomeny hanina sy nositraniny. Mampahatsiahy antsika i Paoly hoe: "*Miaraha mifaly amin'izay mifaly*"- Rôm. 12:15. Na oviana na oviana isika no miara-mifaly amin'ny hafa, dia mitombo avo roa heny amin'ny hafalian'izy ireo ny hafaliantsika, ary azontsika rehetra atao ny misaotra an'Andriamanitra noho ny amin'ny hafaliana iainantsika eo amin'ny fiainana.

## MIZARA HAFALIANA I JESÔSY!

**(Jao. 2)**

Somokotra aoka izany i Maria, renin'i Jesôsy. Nitoto vary hôrdea hatao mofo izy, ary nanao mofo tamin'ny tantely sy voaloboka sy aviavy ary voan'amanda. Niavaka avokoa ny endriky ny zavatra rehetra. Nanamboatra ireo sakafo matsiro ireo izy mba haroso ao amin'ny fampakaram-bady iray tao an-tanàna. Niriny ny hahatonga ny zava-drehetra ho tonga lafatra ho an'ny mpampakatra sy ilay ampakariny.

Nony farany dia tonga ny fotoana hanombohan'ny fampakaram-bady. Efa vonona ny zava-drehetra. Efa voalamina sy voahaingo voninkazo marobe ny tranon'ny mpampakatra. Napetraka teny ambonin'ny latabatra ireo sakafo, ary efa niandry ny ranomboaloboka izay napetraka tao amin'ny

### VAVAKA FENO HAFALIANA

- Mivavaha amim-pifaliana! Aseseo ireo litera ao amin'ny abidy ka lazao hoe: "Midera Anao izahay, Andriamanitra ô, satria A ... (Alfa, Ambony, ...) Ianao, "Midera Anao izahay, Andriamanitra ô, satria B... (Be fitiavana, Be indrafo, ...) Ianao.
- Jereo fa mahatonga anao hahatsapa fifaliana ny karazana vavaka tahaka izany!
- Isao hoe firy ny toetran'Andriamanitra azonao tanisaina! (Azonao ampiana ao amin'ny boky kelin'ny fankasitrahana nanomboka tamin'ny Alatsinainy izany).



toerana mangatsiatsiaka ny kaopy. Nanaovan'i Maria ny fitafiany tsara indrindra ary nanao akanjo madio i Jesôsy. Voaasa koa ireo mpianany! Ho tonga ao avokoa ny olona rehetra ao an-tanàna, satria fankalazana mahafinaritra ny lanonana fampakaram-bady!

Fotoana manokana tokoa izany! Tao avokoa ireo naman'ny fianakaviana mba hiara-mankalaza amin'ny mpampakatra sy ny ampakarina. Hisy andro maro hanaovana lanonana, sy hira ary fifaliana sy fihomehezana!

Tao anatin'izany lanonam-pifaliana rehetra izany anefa, dia nitady an'i Jesôsy i Maria. Nalahelo ny endriny. Tsikaritr'i Jesôsy koa fa tsy i Maria irery no nalahelo tarehy; nisy olon-kafa nalahelo ihany koa, indrindra fa ilay mpampakatra sy ny rainy. Nentin'i Maria nankeny amin'ny toerana somary mitokana i Jesôsy: "lany ny ranomboaloboka ho an'ny vahiny," hoy izy nibitsibitsika. "Sadaikatra ny fianakaviana, kanefa tsy manam-bola hividianana ranomboaloboka intsony izy ireo." Nanao fisefoana lalina i Jesôsy. Fantany ny tao an-tsain'ny reniny, naniry ny hahitan'i Jesôsy fomba manokana hamahana ny olana izy. Hoy izy tamin'ireo mpanompo: "ataovy izay asainy hataonareo!"

Nivavaka i Jesôsy ary nanontany an-dRainy izay tokony hataony. Rehefa izay dia nasainy nofenoin'ny mpanompo ireo sinin-drano lehibe teo akaiky teo. Rehefa feno izany dia nasain'i Jesôsy natsobok'izy ireo tao anatin'ny siny ny sotrobe ary nolazainy izy ireo mba handraraka ny ranomboaloboka ao anaty kaopy mba hosotroin'ny olona nasaina.

Rehefa nanandrana ilay ranomboaloboka ireo nasaina dia nilaza tamin'ilay mpampakatra hoe: "Tsara tokoa izany ranomboaloboka izany! Taiza ianareo no nahita ranomboaloboka mahagaga tahaka izany? Nahoana no tsy izany no narosonareo voalohany?" Nitsiky fotsiny ilay mpampakatra! Faly aoka izany izy! Nofihininy ilay vady malalany ary nitsiky ravehivavy! Faly izy raha nahita fa tsy nalahelo intsony ny endriky ny vadiny. Nitsiky ihany koa i Jesôsy. Faly Izy fa nanova ny rano ho ranomboaloboka tao amin'ny lanonana Izy sy ny Rainy, ary nanova ny olona nalahelo ho olona faly. Nijery ny olon-drehetra izay nihomehy sy nifaly tamin'ny lanonana i Jesôsy, ka feno fifaliana ny Fony.

Nanatona i Maria ary namihina an'i Jesôsy. Nanganohano ny masony. "Misaotra noho ny nampifalianao ny olona rehetra!" hoy izy. Nitsiky indray i Jesôsy: "Mahatsapa fifaliana manokana aho satria ny namako, ilay mpampakatra, no lehilahy faly indrindra eto an-tany androany!"

"Iza moa no faly kokoa noho ilay mpampakatra?" hoy i Maria nitsiky.

"Izaho sy ny Raiko!" hoy i Jesôsy nihomehy! "Samy faly izahay rehefa manao izay hahafaly ny olona. Diboka hafaliana, tahaka ireo sinin-drano ireo, Izaho sy ny Raiko, rehefa manao fankalazana ao anatin'ny fifaliana ny olona!"

# MANAO FAMPIASANA MOMBA NY HAFALIANA

**MAHOMBIAZA! MANAOVA SAFIDY TSARA, MANÀNA FISAININANA TSARA, MANÀNA FIAINANA TSARA, MITOMBOA TSARA!**

**Lisitra momba ny hafaliana**

- Manaova lisitra ahitana zavatra tsotra sy bitika miisa 100 izay mitondra fifaliana ho an'ny fianakavianao. Tsy sarotra araka ny fandrenesana azy izany, rehefa mieritreritra zavatra 10 ianao, tahaka ny hoe: misakafo, manimbolo, mandre, mahita, manao zavatra, sns.
- Soraty tsirairay amin'ny karatra kely ireo. Mifidiana hevitra iray isan'andro.
- Soraty ao ambadik'ilay karatra kely ny fotoana niarahanareo nanao izany, sy ny zavatra tianao indrindra tamin'ny fotoana nanaovana izany.

**Fifaliana amin'ny alalan'ny fizarana**


- Manoratra mailaka ho an'ny renibenao, na nenitoanao na namanao any ampiangonana ka izarao hafatra mahafaly izy ireo na ny sarinao miaraka aminy.
- Fidio ny 10 amin'ireo toko sy andininy tianao indrindra mikasika ny fifaliana ao amin'ny Baiboly. Soraty izany ary mitadiava fomba hizarana azy amin'ireo mpiara-monina na amin'ireo namanao.

**Fampiasana mikasika ny hafaliana**

- Zarao ny zavatra mahafaly indrindra nitranga tamin'ny tsirairay avy aminareo androany ary miaraha mifaly noho ny amin'ireo zava-tsoa rehetra ireo (Rôm. 12:15).
- Manamboara takelaka andraketanao ny zavatra mahafaly ka apetaho eo amin'izany ny sary maneho hafaliana na mampihomehy, fahatsiarovana maro, toko sy andininy, ary ny valim-bavaka efa azonao.
- Miaraha manao hira fiderana feno hafaliana ary miaraha mankalaza an'Andriamanitra.
- Mampifalia olona iray anio ary omeo naoty hatramin'ny 10 ny halehiben'ny fifaliana nentin'izany ho anao. Ny 0 dia midika fa tsy nahafaly anao mihitsy izany ary ny 10 dia midika fa faly aoka izany ianao! Manao ahoana ny halehiben'ny hafaliana nomenao izay olona izany?

ALAKAMISY

# FIDIO NY HALEMEM-PANAHY



## *Andininy fototra:*

*"Aoka samy halemy fanahy amin'ny namany avy hianareo, ka hifampiantra sy hifamela heloka, tahaka ny namelan'Andriamanitra ny helokareo ao amin'i Kristy."* - Efes. 4:32.

Maneteza sarina fo maro amin'ny taratasy. Soraty eo amin'ny fo taratasy tsirairay ny teny tsirairay. Afangaroy izany, ary avy eo alamino araka ny tokony ho izy.

## MOMBAMOMBA NY HALEMEM-PANAHY

Fantatrao ve fa mahasoa anao ny halemem-panahy? Isaky ny manisy soa ny hafa isika, na mikasa fotsiny ny hanao izany aza, dia misy eliaina mahafinaritra, mampahatsiaro ho sambatra mameno ny atidohantsika. Mahatonga antsika hisaina kokoa izany, hihevitra ny hafa, ho tia manampy, ary ho hendry. Mampihena ny rarin-tsaina ny halemem-panahy ary mandefa eliaina miady amin'ny fahanterana manerana ny vatantsika.

Manampy antsika hanana fifandraisana tsara kokoa amin'ny hafa izany ary mampihena ny isan'ny tolona atrehintsika. Rehefa maneho halemem-panahy amintsika ny olona iray dia mety hahatsiaro ho sambatra mandritra ny ora maro isika. Ary mahatsiaro ho sambatra koa isika rehefa maneho halemem-panahy amin'ny hafa. Indraindray ny fomba mahomby indrindra hahitantsika fifaliana rehefa malahelo na ketraka isika dia ny fanehoana halemem-panahy amin'ny hafa.

Tian'Andriamanitra halemy fanahy ny zanany satria mitondra fitahiana ho azy ireo sy ho an'ireo izay ampiany izany. Feno fangoraham-po ho an'izay rehetra nifanena taminy i Jesôsy. Nambarany tamintsika fa ny didy roa lehibe indrindra dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny hafa. Rehefa malemy fanahy isika dia tahaka ny fantsona iray lehibe mandray be dia be araka izay azo atao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ka avy eo mandrotsaka izany eo amin'ny fiainan'ny hafa. Ary **izany mihitsy no nataon'i Jesôsy.**

**FAMPIASANA MAHAFINARITRA OMBAM-BAVAKA**

• Manaova sarin-tanana: sorito manodidina, eo amin'ny taratasy, ny tanan'ny olon-dehibe iray.

• Soraty eo amin'ny rantsan-tanana tsirairay izay soa azonao atao ho an'ny hafa.

• Manorata vavaka fohy eo amin'ny felatanana, mangataka amin'Andriamanitra hanampy anao halemy fanahy.

• Hetezo ny sarin-tanana rehetra nataonareo dia apetaho ho ravaka amin'ny peta-drindrina izany.



## NY HALEMEM-PANAHY – MIZARA NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA (JAONA 13)

Tian'i Jesôsy tokoa ny maneho halemem-panahy. Feno ny fitiavan'Andriamanitra ny fony, hany ka hita teo amin'izay rehetra nataony ny halemem-panahy. Sarobidy Aminy ny olona tsirairay, ary tiany ny hahafantaran'izy ireo fa manokana eo imason'Andriamanitra izy ireo.

Nanome sakafo ho an'ny noana Izy. Rehefa misy olona manirery dia mijanona miresaka aminy i Jesôsy, manao teny mamy sy mampahery azy. Raha marary izy ireo dia sitraniny. Raha malahelo izy ireo dia ataony izay hahafaly sy hamerenana indray ny tsiky

eo amin'izy ireo. Raha mahatsiaro ho menatra izy ireo dia asandrany, avelany ny helony, ary omeny fiainana vaovao. Nofihininy sy notahiany ny ankizy kely sy ny ray aman-dreniny. Rehefa mahita ny halehiben'ny ratram-pon'ny olona Izy dia manao izay hanamaivanana ny fahorian'izy ireo amin'ny alalan'ilay "fanafody" tena miavaky ny halemem-panahy, izay azon'ny rehetra zaraina.

Nanao tantara maro mikasika ny halemem-panahy i Jesôsy. Ny tantaran'ilay vahiny nikarakara ny fahavalony maratra ohatra, satria izany no azon'ny olona mangoraka atao. Eo koa ny tantaran'ny ondry sy ny osy, izay anehoany amintsika fa ny zavatra tsara indrindra azontsika atao dia ny mameno ny fontsika amin'ny halemem-panahin'Andriamanitra amintsika, mba hahazoantsika mizara izany amin'ny hafa. Afaka mamahana ny noana, manome fitafiana ny mahantra, mamangy ny marary sy ny voafonja isika, ary manao izay hahazoantsika antoka fa tsy ory sakafo sy voakarakara izy ireo. Tian'i Jesôsy halemy fanahy araka izay azo atao isika satria mety hanalefaka ny fo sy hahatonga azy ho mora iasan'ny fitiavan'Andriamanitra izany. Nilaza koa Izy fa na oviana na oviana ny olona no manisy soa ny hafa, na kely aza, dia Aminy no anaovan'izy ireo izany.

Fantatr'i Jesôsy fa efa madiva hifarana ny fotoana niarahany tamin'ny mpianatra. Niara-niangona ho fankalazana ny Paska izy ireo ary samy naniry hiara-hihinana sakafo matsiro. Nanofa efitrano izy ireo ary nanomana ny sakafo rehetra ... kanefa tsy nisy mpanompo tao hanasa ny tongony. Teo ny koveta, teo ny lamba famaohana, ary teo koa aza ny rano, saingy tsy nisy mpanompo. Nifampijery toa nifanjana ny mpianatra. Tsy nisy naniry ho eo amin'ny toeran'ny mpanompo izy rehetra ka hanasa ny tongotra maloton'ny olona tsirairay. Nalahelo i Jesôsy. Efa telo taona izay no niarahany tamin'ny mpianany. Nasehon'i Jesôsy azy ireo isan'andro ny atao hoe malemy fanahy, kanefa mbola tsy takatr'izy ireo ihany fa ny halemem-panahy dia ny manampy sy mikarakara ny hafa, na inona na inona ezaka takin'izany.

Koa tamim-pahanginana no nisikinan'i Jesôsy lamba famaohana ka nandrarahany ny rano tao anatin'ny koveta. Nanjary menatra izao ny mpianatra noho ny avonavony. Kanefa tsy mba nihafahafa i Jesôsy! Faly Izy nandray ny toeran'ny mpanompo satria fomba iray hafa indray izany hahazoany maneho amin'ny mpianany fa tia azy ireo Izy. Ary amin'izany fomba izany angamba no mety hianaran'ny mpianatra fa raha i Jesôsy aza vonona hanao izany asa izany ho fikarakarana azy ireo, dia tokony ho vonona koa izy ireo hanao izay rehetra ilaina ho fanampiana ny hafa.

## MANAO FAMPIHARANA AMIN'NY FANEHOANA HALEMEM-PANAHY

**MAHOMBIAZA! MANAOVA SAFIDY TSARA, MANÀNA FISAINANA TSARA, MANÀNA FIAINANA TSARA, MITOMBOA TSARA!**

**Halemem-panahy miampita**

- Manova sarina fo maromaro amin'ny taratasy fotsy matevina.

- Ataovy mitovitovy habe amin'ny totohondrinao ireo fo ireo.
- Ravaho ho tsara tarehy ny sarina fo, ary soraty eo amin'ny tsirairay amin'izy ireo hoe: "Efa nanehoana halemem-panahy ianao, anjaranao indray izao ny maneho halemem-panahy!"
- Hetezo ireo sarina fo.
- Eny amin'ny toerana rehetra avy nanaovanao soa tamin'ny hafa dia ametraho fo iray mba ho hita fa nalemy fanahy ianao teo amin'io toerana io. Avy eo dia anjaran'izay mahita ilay fo napetrakao indray ny manao soa.

**Halemem-panahy rehefa mankalaza ny tsingerin-taona**
Ankalazao ny tsingerin-taona ka manaova drafitra hanao asa feno hatsaram-panahy isan-taona eo amin'ny fiainanareo, na isaky ny dimy taona ho an'ny olon-dehibe.

- Manamboara anjara sakafo maromaro hozaraina amin'ny hafa.
- Manamboara mofomamy maromaro na biskitra homena any amin'ny tobin'ireo mpitandro filaminana, na ireo mpamono afo, na ireo mpiasa mpitatitra marary.
- Mamonosa fanomezana kely mety ho tian'ny olona rehetra. Afeno eny amin'ny toerana fandehanan'ny besinimaro izany ka asio hafatra hoe: izay mahita ity fanomezana ity dia afaka mihazona izany ho azy na mizara izany amin'ny hafa.
- Ataovy anaty harona iray ireo fitafiana mbola tsara ananananao kanefa tsy anaovanao intsony ka ento any amin'ny fikambanana mpanao asa soa na fivarotana entana mora.

**Hatsaram-panahy isan'andro**
- Isaky ny mividy zavatra ianao dia ampio fonosana sakafo iray mahasalama homena olona iray hafa, na homena ireo mpizara sakafo ho an'ny sahirana, na manangòna sakafo homena fianakaviana mahantra iray, na ho an'ireo tsy manan-kialofana.
- Manangòna vola madinika ao anaty boatin-drakitra. Sokafy indray mandeha isan-taona izany ary ividiano zavatra ho an'ny olona sahirana iray.
- Manorata teny mamy fohy sy mampahery amin'ny taratasy kely misy dity, ka apetaho eny amin'ny toerana samihafa izany – anaty gazetiboky ohatra, na anatin'ny boky haterina any amin'ny tranom-boky, na eo amin'ny entana iray any amin'ny mpivarotra, na eo amin'ny fitaratra iray, sns ...
- Manaova soa amin'ny olona tsirairay ao amin'ny ankohonnao isan'andro. Hahatonga ny olona rehetra hahatsiaro ho sambatra kokoa izany, ary hampihena ny mety ho fifandiranao amiin'izy ireo! (Gal. 5:22-23).
- Andramo ity: Eritrereto izay fomba mety hahafahanao maneho hatsaram-panahy amin'ny toe-javatra rehetra. Avy eo, eritrereto izay fomba mety hahatonga anao ho tsara fanahy kokoa noho izany aza.

ZOMA

# FIDIO NY FIADANANA



*Andininy fototra:*

*"Ny fiadanako no omeko anareo"* - Jao. 14:27.

Fonosy amin'ny taratasy tsara tarehy misy soratra hoe "fiadanana" ny boaty kely iray. Ampitampitao amin'ny olona tsirairay manao faribolana izany ka amin'ny voalohany dia lazao hoe: "ny fiadanako", amin'ny faharoa hoe "no omeko", ary amin'ny fahatelo hoe: "anareo".

## MOMBAMOMBA NY FIADANANA

Zava-dehibe tokoa ny fotoana fahanginana ao anatin'ny tontolo feno rotoroto. Mila mandeha milamina sy miato isika mba hananantsika fotoana hisaintsainana momba ny fiainantsika. Mila miala sasatra ny tenantsika sy ny saintsika trotraky ny asa, mba hahafahan'izy ireo maka aina sy ho velombelona indray. Mahatsara antsika ny manao fisefoana lalina sy miadana mba hampitony ny vatantsika. Azontsika atao ny maka sary an-tsaina hoe miaina ao anatin'ny fiadanana avy amin'Andriamanitra isika, ary tsy

misy na inona na inona manelingelina izany fiadanantsika izany. Mahatsara ny zanatsika koa izany. Mila fotoana izy ireo hiatoana amin'ny rotorotom-piainany sy hisaintsainany ary hialany sasatra, tsy fotoana hatoriana anefa fa hianarany ny fomba hampitoniana ny tenany rehefa mahatsiaro rera-tsaina na matahotra izy ireo.

Rehefa mahatsapa fiadanana miaraka amin'Andriamanitra isika dia manampy antsika hiatrika amim-pitoninana ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainantsika izany, izay manome toky antsika fa Andriamanitra no mifehy ny toe-javatra. Rehefa mahatsapa ny fiadanany isika dia tsy mora miteny na manao zavatra mandratra ny hafa, na mahatonga fifandirana, ary manjary malemy fanahy sy Hendry kokoa.

Hianatra momba ny fiadanana entin'i Jesôsy eo amin'ny fiainantsika isika anio, izay manampy antsika hitoetra ao anatin'ny fahatoniana na eo anivon'ny tafiotran'ny fiainana aza.

## FIADANANA AO ANATIN'NY TAFIOTRA (MATIO 8)

Naniry hamela fanomezana tena miavaka ho an'ireto namany i Jesôsy. Tiany ho zavatra azon'ny tsirairay ifaliana izany na aiza na aiza hisy azy. Ny fiadanam-po izany fanomezany izany. Raha vao teraka i Jesôsy dia tonga ny anjely nilaza tamin'ireo mpiandry ondry fa nandefa hafatra mitory fiadanana ho an'izao tontolo izao manontolo Andriamanitra tamin'ny alalan'io zazakely io.

Rehefa nanomboka nitory i Jesôsy dia hitany ny vahoaka feno tebiteby sy olana. Nanahy ny amin'ny sakafo hohaniny, ny fitafiany, ny volany, ny asany, ny mampory hetra, ny miaramila rômanina, sns, izy ireo. Sarotra ho azy ireo ny nahita fitoniana sy fiadanana tao anatin'izany tebiteby rehetra nameno ny sainy izany. Sarotra ho azy ireo ny nihaino an'i Jesôsy sy ny nisaintsaina momba izay nolazainy.

**VAVAKA FANGATAHANA FIADANANA**

- Maneteza sarina rahona maro amin'ny taratasy manify.
- Asio soratra amin'ny penina hoe "fiadanana" eo amin'ny lafiny iray amin'ny rahona taratasy.
- Fenoy rano ny vilia baolina lehibe iray.
- Soraty amin'ny pensilihazo eo amin'ilay lafiny tsy misy soratra amin'ny rahona taratasy ireo zavatra mampitebiteby.
- Aforeto eo ambonin'ilay teny hoe "fiadanana" ny sisin'ilay rahona taratasy.
- Ataovy mitsingevana eo ambonin'ny rano ilay rahona taratasy ka ilay sisiny miforitra no mitodika ambony.
- Angataho Andriamanitra hampitony ny tafiotra ao an-tsainao ka hanome anao fiadanana.
- Jereo fa mihamisokatra ireo "rahona" ary hitanao amin'izay ilay teny hoe "fiadanana".



Indray andro i Jesôsy sy ny mpianany, niondrana an-tsambokely mba hiampita ny Ranomasin'ny Galilia. Farihy lehibe voahodidin'ny havoana izy io, ary mora isehoan'ny tafio-drivotra mahery tampoka. Sasatry ny tontolo andro nitoriana teny sy nampianarana ary niresahana tamin'ny olona i Jesôsy. Nitsotsotra teo am-bodin'ny sambokely Izy ary resin-tory teo. Tsy ela dia namely ilay sambokely ny tafiotra mahery. Nikapoka ny sisin'ilay sambo ny onja, ary nanomboka nameno ny sambo ny rano. Natsingilahilan'ny onja ilay sambo. Nila ho difotra ilay izy noho ny fisamboaravoaran'ny rano ka samy namikitra tamin'ny sambo sy ny tady avokoa ny olona rehetra.

Natahotra ny mpianatra, na dia ireo mpanjono efa zatra tafiotra aza. Nanao izay faraheriny izy ireo hihazonana ny sambo hahitsy tsy hilentika. Sady sahirana no natahotra izy ireo, hany ka hadinony fa tao anatin'ny sambo koa i Jesôsy, mandra-pisian'ny anankiray nahatsiaro ka namoha Azy mba hifanampy amin'izy ireo hamoaka ny rano. Niarina i Jesôsy ary nahita ireto namany nikoropaka sy nivarahontsana. Nanahy ny ho rendrika izy ireo!

Hoy i Jesôsy tamin'izy ireo: "Nahoana ianareo no matahotra toy izao? Eto aminareo anie Aho e!" Dia nitsangana Izy ary niteny tamin'ny rivotra sy ny onja mba hitony. Dia niverina nilamina sy tony toy ny fitaratra ilay farihy. Hita taratra teo amin'ny rano ny volana. Nitsahatra ny rivotra ary zara raha nanonja ny rano. Nisento lalina ny mpianatra, toa afaka ady. Nipetraka tao anatin'ny sambo izy ireo, ary nisinda avokoa ny rarin-tsainy sy ny tahony rehetra, vokatry ny fikarakaran'i Jesôsy azy ireo tamim-pitiavana sy ny fiadanany.

Mialoha kelin'ny nandaozan'i Jesôsy ny mpianany ka niverenany ho any an-danitra, dia nilaza tamin'izy ireo Izy mba tsy hatahotra na halahelo satria handeha hamboatra fitoerana ho an'izay rehetra tia an'Andriamanitra Izy mba hahazoan'izy ireo miaramonina amim-piadanana mandrakizay. Azontsika atao ny mifidy ny fiadanana ao anatin'ny tafiotran'ny fiainantsika, satria momba antsika mandrakartiva i Jesôsy. Mandroaka ny tahotsika rehetra ny fitiavany tonga lafatra. Na inon-kidona na inon-kitranga mantsy dia voaro mandrakariva isika ao amin'ny fitiavany izay miahy antsika.

## FAMPIHARANA HAHATSAPANA FIADANANA

**MAHOMBIAZA! MANAOVA SAFIDY TSARA, MANÀNA FISAINANA TSARA, MANÀNA FIAINANA TSARA, MITOMBOA TSARA!**

**Karazan-javatra mampitony**

Makà harona ka fenoy karazan-javatra izay manampy ny fianakavianao hahatsapa fitoniana izany:

- Fitaovana mpanamboatra balaonina kely amin'ny ranon-tsavony (raha mety)
- Menaka lavandy na hanitra hafa mampitony
- Fonosana dite "camomille"
- Menaka malefaka fanosotra amin'ny tanana
- Labozia tsy mandoro (mandeha amin'ny vatoaratra ohatra)

- Boky misy hafatra mitondra fiadanana avy ao amin'ny Baiboly, na taratasy kely maromaro misy teny fikasana avy ao amin'ny Baiboly.
- Boky misy sary azo lokoina, maneho tantara ao amin'ny Baiboly, miaraka amin'ny penina maro fandokoana.

**Fiadanana mazava**

Makà tavoara na vera kely madio mangarahara tsara, izay mahitsy mijidina tsara.

- Makà taratasy fotsy lavalava misy soratra hoe "fiadanana", ka fonosy sy apetaho manodidina ilay tavoara na vera izany.
- Asio labozia kely mirehitra (na labozia mandeha amin'ny vatoaratra) ao anatiny.
- Ho hitanao fa hazava ilay teny hoe "fiadanana".
- Rehefa ao am-pontsika ny fahazavaana sy ny fitiavan'i Jesôsy, dia hisy tarapahazavana feno fiadanana avy amintsika mankamin'ny hafa.

**Tafiotra ao anaty tavoahangy**

Angòny ireto fitaovana ireto:

- Tavoahangy plastika misy sarony tantera-pahazavana
- Rano
- Ranoka mandoko manga – loko indray mitete, na fandoakoan-tsakafo, na ranomainty
- Menaka madio mangarahara
- Sambo kely vita amin'ny baoritra na bosoa na kakazo
- Asio menaka sy rano amin'ny fatrany mitovy ao anatin'ny tavoahangy, ary ampio an'ilay loko manga. Apetraho ao koa ireo sambo kely mitsingevana. Hidio tsara ny tavoahangy. Tantarao ny nomba ny nampitsarahan'i Jesôsy ny tafio-drivotra. Apetraho marindrano tsy mihetsika aloha ilay tavoahangy. Avy eo, rehefa tonga ny tafiotra dia ahetsiketseho ilay tavoahangy, eo amin'ilay fipetrany marindrano iny ihany. Aorian'izay dia aza ahetsika intsony indray ilay tavoahangy mandrapahatonga ny fotoana hampitonian'i Jesôsy ny tafiotra.

**Voromailala**

- Manamboara voromailala maro amin'ny taratasy. Tsidiho ny www. craftow.com hangalanao hevitra.
- Asio andinin-tSoratra Masina momba ny fiadanana eo amin'ny andaniny roa amin'ireo voromailala ireo.
- Ahatony amin'ny tady kely izy ireo ary ataovy mahitsy tsara, toy ny manidina. Manampia voromailala hafa raha tianao, mba hazoanao andiany mpitondra fiadanana!

SABATA

# FIDIO NY HANANA FANANTENANA



## *Andininy fototra*

*"Ary Andriamanitry ny fanantenana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana noho ny herin'ny Fanahy Masina."* – Rôm. 15:13.

Mieritrereta hetsika avy amin'io andalan-teny io, miaraka amin'ny fianakavianao ka ampiharo izany amin'ny fotoana hahazoanareo mampianatra izany amin'ny hafa. Amin'iza no hizaranareo izany fitahiana feno fanantenana izany?

## MIRESAKA MOMBA NY FANANTENANA

Hatrany am-piandohan'ny tantaran'ny tany dia nizara vaovao mahafaly ny amin'ny hoavy feno fanantenana, izay tsy hisian'ny ota intsony Andriamanitra. Nanome fanantenana ho an'ny zanany rehetra Andriamanitra. I Saraha sy i Abrahama ohatra, dia nanantena hahazo zanaka lahy, i Mosesy nanantena hitondra ny zanak'Isiraely ho amin'ny tany nampanantenaina, ny taranaka rehetra nanantena ny fiavian'ny Mesia, ary amin'izao fotoana izao isika rehetra dia miandrandra ny fiavian'i Jesôsy Kristy fanindroany. Fanantenana lehibe ireo izay mampahatsiahy antsika fa Andriamanitra no mifehy ary Izy no manavao ny zavatra rehetra. Isika koa dia manana fanantenana kelikely kokoa noho ireo eo amin'ny fiainantsika, zavatra izay tiantsika hatao, ary fotoana manokana izay andrandraintsika fatratra. Fantatr'Andriamanitra fa ilaintsika mandrakariva ny hanan-javatra andrandraina, koa dia nomeny fankalazana isan-kerinandro amin'ny alalan'ny Sabata isika, ary ny zanak'Isiraely dia nomeny andro firavoravoana sy fankalazana mba hifaliany.

Rehefa tsy manana fanantenana intsony isika, dia tonga malahelo sy kivy ka tsy ao anatintsika intsony ny fitalanjonana amin'ny zavatra kanto, ny fiadanana ary ny fankasitrahana. Rehefa manana fanantenana kosa isika, dia io no mampisy tanjona eo amin'ny fiainantsika, ary rehefa manana tanjona eo amin'ny fiainana isika, dia manjary feno fanantenana. Ataovy izay ananan'ny ankohonanao zavatra andrandraina, ary koa asa fanompoana manokana izay hametraka tanjona hotratrarina ho azy ireo.

## FANANTENANA HO AN'I ZAKAIOSY (Lio. 19)

Nisy zavatra nampangetaheta na nahanoana an'i Zakaiosy, izay tsy hanina anefa. Nangetaheta ny hanana namana izy, fitiavana

**VAVAKA MOMBA NY FANANTENANA**

- Miderà an'Andriamanitra noho ny fanantenana izay fanomezana lehibe omeny antsika.
- Misaora Azy noho ny fanantenana ny fiverenan'i Jesôsy tsy ho ela izay mampitombo ny finoantsika.
- Mifandimbiasa mizara ny iray amin'ireo fanantenanareo ka ento amim-bavaka izany.
- Mivavaha ho an'ny olona iray izay mitolona mba ho feno fanantenana ka angataho Andriamanitra haneho aminao ny fomba hanamafisana orina ny fanantenany.



sy zavatra hafa koa... saingy tsy hainy ny namaritra izany fa toy ny babangaona lehibe ao am-pony ny fahatsapany azy.

Mpamory hetra i Zakaiosy. Asa tsara izany raha te hanam-bola ianao, saingy tsy hanana namana kosa ianao amin'izay fotoana izay. Tsy nisy mpitia i Zakaiosy. Fantany fa misy fomba fiaina tsaratsara kokoa any ho any saingy tsy hainy ny fomba hahitana izany.

Indray andro, dia nisy horakora-pifaliana tao an-tanàna. Handalo i Jesôsy! Efa nandre ny amin'i Jesôsy avy tamin'ireo olona nandalo tao an-tanàna i Zakaiosy. Naverimberin'ny olona notantaraina ireo tantara mahagaga nataony, ireo fahagagana tsy takatry ny saina sy ilay toetran'i Jesôsy maha-te-ho-tia sy feno hatsaram-panahy, eny fa na dia tamin'ny Samaritana sy ny boka ary ny vehivavy aza, ary ny tena lehibe indrindra dia tamin'ny mpamory hetra...

Nitselatra tao am-pon'i Zakaiosy ny fanantenana! Mety ho azony atao ny hahita an'i Jesôsy, na ny hiresaka Aminy mihitsy aza! Azony sary an-tsaina izay holazain'i Jesôsy aminy raha tafahaona izy ireo, sy ny hatsaram-panahy hasehon'i Jesôsy aminy koa... Hahafinaritra lavitra manao ahoana ny fiainana amin'izay!

Niainga ho eny amin'ny lalam-be àry i Zakaiosy. Efa nifanitsa-kitro ny vahoaka, fohy loatra anefa izy ka tsy nahita izay teny alohan'izy ireo. Rehefa avy eo dia tsikariny fa nisy hazo iray mafimafy taho nanaloka ilay lalana feno vovoka. Nofeheziny ny akanjony ka indro izy nihanika hatreo amin'ny sampan-kazo iray izay mafy tokoa.

Nihamafy hatrany ny tabataba sy ny fihetsiketsehana rehefa nihanakaiky i Jesôsy. Nisy ny horakora-pifaliana sy fiderana rehefa nijanona i Jesôsy mba hanasitrana ny beantitra iray efa mila tsy ho afa-mandeha, na ny zaza iray maratra tongotra. Nohazonin'i Zakaiosy vetivety ny fofon'ainy. Io i Jesôsy fa mandalo eo ambanin'ilay hazo nisy azy indrindra! Hitany i Jesôsy, azony kasihina mihitsy aza, saingy tsy sahy izy.... Tiany ho hita fotsiny ny endriny...Tampoka teo dia nijanona i Jesôsy, teo ambanin'ilay rantsan-kazo nisy azy mihitsy. Nitraka Izy ary nahita an'i Zakaiosy ka nitsiky taminy! 'Ry Zakaiosy! Hitako ihany ianao! Efa nitady anao foana Aho! Ho avy ao an-tranonao Aho anio ka hiaraka hisakafo aminao! Midìna faingana ka miomàna!' Nanolo-tanana hanampy an'i Zakaiosy hidina avy teo ambony hazo i Jesôsy. Nony avy eo dia nofihininy mafy izy ka nilazany hoe: 'Ho avy hisakafo ao aminao izahay, hitondra namana 12 aho!'

Feno hehy i Zakaiosy sady velon-kira rehefa nihazakazaka nody mba hikarakara ny sakafo! Io no andro nahafaly azy indrindra teo amin'ny fiainany! Fantany fa tia azy i Jesôsy ka nameno ny banga, dia ilay babangaona maharary tao am-pony! Noho ny fitiavan'i Jesôsy azy dia fantany fa afaka hanova ny fiainany izy! Afaka hanomboka amin'ny fanehoana hatsaram-panahy amin'ny olona izy ka hanome vola mba hanampiana ny hafa fa tsy haka izany ho an'ny tenany indray! Azony atao ny hitady ireo olona rehetra izay mahatsiaro manirery sy voahilikilika tahaka azy, ka hanasa azy ireo hiara-misakafo aminy. Hiaraka hitady fomba maro izy ireo hanampiana ny olona mahantra kokoa ao an-tanàna....

Tsapan'i Zakaiosy amin'izay ny tsy ampy tao amin'ilay fiainany babangaona, tsy inona izany fa ny hatsaram-panahy, ny fifaliana, ny fitalanjonana manoloana ny zavatra tsara, ny fankasitrahana ary ny fanampiana ny hafa. Izao i Jesôsy dia efa nanome azy tanjona tsy manam-paharoa ho an'ny fiainany, ary nanjary nanana fanantenana koa izy.

# FAMPIHARANA: MANANA FANANTENANA

## MAHOMBIAZA! MANAOVA SAFIDY TSARA, MANÀNA FISAINANA TSARA, MANÀNA FIAINANA TSARA, MITOMBOA TSARA!

### Voan'ny fanantenana

- Mitadiava tavim-boninkazo mahafatifaty iray ka manorata hafa-panantenana eo, na andalan-tSoratra Masina iray mitory fanantenana.
- Fenoy tany sy zezika ny tavy. Amboleo ao ny voan-javatra izay maniry haingana kokoa.
- Omeo ny olona iray izay mila fampaherezana izany.
- Sarotra ny hanoratra hafatra eo amin'ilay tavy, koa manamboara takelaka kely ka soraty eo ny hafa-panantenana iray miaraka amin'ny tsato-kazo kely hatao ao anatin'ny tavy.
- Rehefa izay dia anjaran'ilay nahazo fanantenana indray ny maneho fihetsika feno hatsarampanahy toy izany.

### Sabata feno fanantenana

- Ny Sabata dia andro manokana izay andrandraintsika amin'ny fanantenana isan-kerinandro ny fahatongavany.
- Nomen'Andriamanitra Sabata isan-kerinandro isika mba hanomezana antsika fanantenana sy fifaliana, toe-po mahay mankafy ny tsara, hatsarampanahy, fiadanana ary fankasitrahana.
- Miaraha manao lisitra ireo zavatra izay tianareo atao rehefa Sabata. Hanampy anareo tsy hahandry ny fahatongavan'ny Sabata mihoatra noho ny hatramin'izay izany.
- Inona no azonareo mianakavy atao mba hitahiana ny fianakaviana hafa rehefa Sabata ka hanome fanantenana ho azy ireo? (Manampia amin'ny fana- mboarana sakafo manokana, manomàna fiarahamivavaka manokana, miaraha manao fandehandehanana mahafinaritra, manomboha tetikasa mifanaraka amin'ny iraka ampanaovina antsika ho fanampiana ny olona eo amin'ny fiarahamonina misy anareo...)

### Fanantenana sy nofinofy

- Maneteza kintana lehibe fotsy na mavo maromaro (amin'ny taratasy). Mitari-dalana ny olona ho tody eny amin'izay tokony hahatongavany ny kintana.
- Omeo kintana maromaro ny olona tsirairay ka asaivo soratan'izy ireo eo amin'ny kintana tsirairay ny anankiray amin'ireo zavatra antenainy.
- Jereo ireo kintan'ny fanantenana ireo ka mieritrereta fomba izay azonao hifampaherezana sy hifanampiana eo amin'ny fanatanterahana ireo nofinofy isankarazany.
- Atambaro ireo kintana ka ento amim-bavaka ireo zavatra rehetra antenainareo.
- Isaory Andriamanitra noho ny fanomezany fanantenana.

### Kalandrie misy ireo hetsika samihafa

- Mamorònа kalandrie, iray volana mialoha.
- Mifidiana fampiasana sasany amin'ireo voatanisa isan'andro ato amin'ity tari-dalana ity ka fidio izay fotoana hanatanterahanareo izany amin'ny hoavy.
- Manampia fampiasana hafa izay hameno anareo amin'ny fitiavana, fifaliana, fiadanana, fanantenana, fitalanjonana ary fankasitrahana.
- Manan-javatra andrandraina sy mitondra fanantenana amin'izay ianareo izao!

# TSIAMBARATELO HANANANA SAINA SALAMA TSARA

ALAHADY

**MIHAZONA ERITRERITRA TSARA**

Zava-dehibe ny eritreritsika. Mamolavola ny fihetseham-po, ny fihetsika, ny fifandraisana, ary ny fiainantsika ara-panahy ny zavatra eritreretintsika. Mety ho tototry ny tebiteby sy ny tahotra isika rehefa mifantoka amin'ny ahiahintsika, amin'ny fahadisoantsika sy ny tolona atrehintsika.
Vakio miaraka ny Fil. 4:6.

**PAOLY TIA MIJERY MIABO**

Nanapa-kevitra ny hankasitraka ireo fitahian'Andriamanitra teo amin'ny fiainany i Paoly. Nisafidy ny hieritreritra zavatra kanto toy ny voninkazo sy ny biby mahatalanjona izay noforonin'Andriamanitra izy. Amin'ny fotoana izay hahatsapanao ho malahelo sy feno adin-tsaina, dia tsarovy fa tena tia anao tokoa i Jesôsy.

**MIVAVAKA MIARAKA AMIN'NY TANANA MIVELATRA**

Miderà an'Andriamanitra noho ny fitiavany. Misaora Azy fa azontsika atao ny manome Azy ny zava-manahirana ny saintsika rehetra satria tia antsika Izy. Misaora an'Andriamanitra fa Izy no miahy ireo zava-manahirana ny saintsika ireo.

ALATSINAINY

**FIDIO NY FANKASITRAHANA**

Tsy mitaky antsika hisaotra Azy Andriamanitra, kanefa tiany ny hanaovantsika izany. Isan'andro dia manao zava-mahagaga an'arivony maro ho antsika tsirairay avy Izy. Arakaraka ny andinihantsika bebe kokoa izay ataon'Andriamanitra sy arakaraka ny isaorantsika Azy noho ireo zavatra ireo, dia vao mainka isika hahatsapa ny fitiavany mahagaga sy ny fifaliana tiany hiainantsika.
Vakio miaraka ny 1 Tes. 5:17.

**FISAORANA MITAFOTAFO! (Jao. 12 / Fil. 4)**

Feno hafaliana i Maria noho ny fomba rehetra nitiavan'i Jesôsy sy nitahiany azy. Na dia tao amin'ny fonja maharikoriko aza i Paoly, dia nisaotra an'Andriamanitra isan'andro izy satria fantany fa tsara mandrakariva Andriamanitra. Raha tonga ao an-tranonao i Jesôsy anio, ahoana no fomba hisaoranao Azy noho izay rehetra efa nataony taminao?

**VAVAKA FANKASITRAHANA**

Mifidiana olona iray hanonona tsirairay ireo litera ao amin'ny abidy. Isaky ny litera voatonona, dia miaraha mitady zavatra iray fara fahakeliny, izay mahavelom-pisaorana anareo ka miantomboka amin'ilay litera.

TALATA

**FIDIO NY FITALANJONANA**

Ny fitalanjonana dia fanomezana manokana avy amin'Andriamanitra, izay nampiarahiny tamin'ny zava-tsoa maro ho antsika! Mampirisika antsika hamoron-javatra ny fitalanjonana, mandrisika antsika hanao ezaka hahatrarana ny fahatsarana fara-tampony, ary mahatonga antsika hanana fiantrana sy hahay mipetraka amin'ny toeran'ny hafa sy halala-tanana koa aza. Nofenoin'Andriamanitra zava-mahatalanjona marobe eto amin'ity tontolo ity mba hanehoana amintsika ny

fitiavany.
Vakio miaraka ny Sal. 86:8,10.

**AZA MANAHY!**
**ANDRAMO NY FITALANJONANA!**
**(Mat. 6)**

Nanan-javatra betsaka holazaina amin'izy ireo momba an'Andriamanitra sy momba ny fiainana i Jesôsy. Niriny ny hanome an'ireto vahoaka ireto zavatra izay hampahatsiahy azy ireo mandrakariva ny amin'ny fiahiana feno fitiavana ataon'Andriamanitra. Isaky ny mitebiteby noho ny amin'ny zavatra iray ianao, dia alao sary an-tsaina hoe mametraka ny tebitebinao eo an-tanan'Andriamanitra ianao, dia ireo tanana izay namorona ireny zava-mahatalanjona rehetra ireny ho fanomezana ho anao noho ny fitiavany.

**VAVAKA MIKASIKA NY FITALANJONANA**

Manangòna karazan-java-maniry tsara tarehy. Asao ny tsirairay hifidy zava-maniry iray ary hilaza ny zavatra mahatalanjona azy mikasika izany zava-maniry izany.

ALAROBIA

**FIDIO NY HAFALIANA**

Ny hafaliana dia ny fahasambarana mamy rehefa mahatsapa fiadanana sy fahafaham-po isika. Rehefa miaina ny fanandraman'ny hafaliana isika dia mahatsapa ho mahazo aina hatrany an-doha ka hatrany am-paladia.
Miaro antsika tsy ho tototry ny fihaikana marobe eo amin'ny fiainana ny hafaliana.
Vakio miaraka ny Fil. 4:4.

**Mizara hafaliana i Jesôsy!**
**(Jao. 2)**

"Iza moa no faly kokoa noho ilay mpampakatra?" hoy i Maria nitsiky.
"Izaho sy ny Raiko!" hoy i Jesôsy nihomehy! "Samy faly izahay rehefa manao izay hahafaly ny olona. Diboka hafaliana, tahaka ireo sinin-drano ireo, Izaho sy ny Raiko, rehefa manao fankalazana ao anatin'ny fifaliana ny olona!"

**VAVAKA FENO HAFALIANA**

Mivavaha amim-pifaliana! Aseseo ireo litera ao amin'ny abidy ka lazao hoe:
"Midera Anao izahay, Andriamanitra ô, satria Ianao no A... (Alfa, Ambony,...),
"Midera Anao izahay, Andriamanitra ô, satria B... (Be fitiavana, Be indrafo, ...) Ianao.

ALAKAMISY

**FIDIO NY HALEMEM-PANAHY**

Fantatrao ve fa mahasoa anao ny halemem-panahy? Isaky ny manisy soa ny hafa isika, na mikasa fotsiny ny hanao izany aza, dia misy eliaina (hormone) mahafinaritra, mampahatsiaro ho sambatra mameno ny atidohantsika.
Tian'Andriamanitra halemy fanahy ny zanany satria mitondra fitahiana ho azy ireo sy ho an'ireo izay ampiany izany.
Vakio miaraka ny Efes. 4:32.

**NY HALEMEM-PANAHY – MIZARA NY FITIAVAN'ANDRIAMANITRA (JAO. 13)**

Tian'i Jesôsy tokoa ny maneho halemem-panahy. Feno ny fitiavan'Andriamanitra ny fony, hany ka hita teo amin'izay rehetra nataony ny halemem-panahy. Faly Izy

nandray ny toeran'ny mpanompo satria fomba iray hafa indray izany hahazoany maneho amin'ny mpianany fa tia azy ireo Izy.

**FAMPIASANA MAHAFINARITRA OMBAM-BAVAKA**

Manaova sarin-tanana: sorito manodidina, eo amin'ny taratasy, ny tanan'ny olon-dehibe iray. Soraty eo amin'ny rantsan-tanana tsirairay izay soa azonao atao ho an'ny hafa. Manorata vavaka fohy eo amin'ny felatanana, angataho Andriamanitra hanampy anao halemy fanahy.

ZOMA

**FIDIO NY FIADANANA**

Zava-dehibe tokoa ny fotoana fahanginana ao anatin'ny tontolo feno rotoroto. Mila mandeha milamina sy miato isika mba hananantsika fotoana hisaintsainana momba ny fiainantsika. Hianatra momba ny fiadanana entin'i Jesôsy eo amin'ny fiainantsika isika anio, izay manampy antsika hitoetra ao anatin'ny fahatoniana na eo anivon'ny tafiotran'ny fiainana aza.
Vakio miaraka ny Jao. 14:27.

**FIADANANA AO ANATIN'NY TAFIOTRA (MATIO 8)**

Hoy i Jesôsy tamin'izy ireo: "Nahoana ianareo no matahotra toy izao? Eto aminareo anie Aho e!" Dia nitsangana Izy ary niteny tamin'ny rivotra sy ny onja mba hitony. Azontsika atao ny mifidy ny fiadanana ao anatin'ny tafiotran'ny fiainantsika.

**Vavaka fangatahana fiadanana**

Maneteza sarina rahona maro amin'ny taratasy manify. Asio soratra amin'ny penina hoe "fiadanana" eo amin'ny lafiny iray amin'ny rahona taratasy. Angataho Andriamanitra hampitony ny tafiotra ao an-tsainao ka hanome anao fiadanana.

SABATA

**FIDIO NY HANANA FANANTENANA**

Hatrany am-piandohan'ny tantaran'ny tany dia nizara vaovao mahafaly ny amin'ny hoavy feno fanantenana, izay tsy hisian'ny ota intsony Andriamanitra. Rehefa manana fanantenana isika, dia io no mampisy tanjona eo amin'ny fiainantsika, ary rehefa manana tanjona eo amin'ny fiainana isika, dia manjary feno fanantenana.
Vakio miaraka ny Rôm. 15:13.

**FANANTENANA HO AN'I ZAKAIOSY (Lio. 19)**

Tsapan'i Zakaiosy amin'izay ny tsy ampy tao amin'ilay fiainany babangaona, tsy inona izany fa ny hatsaram-panahy, ny fifaliana, ny fitalanjonana manoloana ny zavatra tsara, ny fankasitrahana ary ny fanampiana ny hafa. Izao i Jesôsy dia efa nanome azy tanjona tsy manam-paharoa ho an'ny fiainany, ary nanjary nanana fanantenana koa izy.

**VAVAKA MOMBA NY FANANTENANA**

Miderà an'Andriamanitra noho ny fanantenana izay fanomezana lehibe omeny antsika. Misaora Azy noho ny fanantenana ny fiverenan'i Jesôsy tsy ho ela izay mampitombo ny finoantsika.

Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny Antananarivo
Tel. 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
e.mail <impriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: 646-D/08.23
Ny Natonta: 7821 isa